coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Mise en oeuvre par
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

## TOROLALANA MOMBA NY

# FITANTANANA NY FIAINAM-PIKAMBANANA HO AN'NY TANTSAHA

## Boeny





Tetikasa ProSol Madagasikara

## Fizahan-takelaka


1. Fampidirana 5
2. Famaratina ny atao hoe fikambanana sy ireo tombontsoa mety ho azon’ireo tantsaha 6
3. Ireo karazana fikambanana sy ireo fomba fananganana fikambanana azy 8
4. Rafitra fitantanana fikambanana 10
5. Fampandehanana ny fiainam-pikambanana 13
6. Fampaharetana ny fiainampikambanana 17
7. Ohatry MIARA-MANDROSO 18

# Fanafohizan-teny

| | |
|---|---|
| **ProSol** | Projet de Protection et de Réhabilitation des Sols pour améliorer la Sécurité alimentaire |
| **CA** | Conseil d'Administration |
| **OP** | Organisations paysannes |
| **CC** | Commissaire aux comptes |
| **LFL** | Livestock feed Limited |
| **PMS** | Paysan multiplicateur de semences |
| **GPS** | Groupement de producteurs de semences |
| **UTC** | Unité technico-commerciale |

# 1. FAMPIDIRANA

Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fampiroboroboana ny sehapamokarana ny **fikambanana tantsaha**. Raha mandeha irery manko ireo tantsaha mpamokatra dia ho sarotra aminy kokoa ny hisitraka tohana amin'ny asa famokarana izay ataony. Matetika dia ireo tantsaha mivondrona anaty fikambanana no ataon'ireo tetikasa na ny fanjakana laharam-pahamehana amin'ireo tolo-draharaha isan-karazany amin'ny fanatsarana ny asa famokarana. **Rehefa mivondrona** koa ireo tantsaha mpamokatra dia **manana hery kokoa hihatrehana ireo asa isan-karazany ary indrindra hifehezana ny tsena**. Ireo rehetra ireo dia hamafisin'ilay oha-pitenenana malagasy manao hoe «*Ny firaisan-kina no hery*».

Izany indrindra no nahatonga ny tetikasa **ProSol** nanamafy ny tantsoroka ho an'ireo fikambanana tantsaha taty amin'ny **Faritra Boeny**. Maro ireo fikambanana fototra no nomena fampiofanana amin'ny fitantanana fiainam-pikambanana. Natsangana ihany koa ireo **vovonam-pikambana** mba ho entina mampiroborobo ireo tolo-draharaha sy hanamafisana ny **anjaran-toeran'ireo tantsaha** eto anivon'ny faritra.

Mbola maro anefa ireo tantsaha no tsy mahalala ny atao hoe fianam-pikambanana sy ny fomba fitantanana azy ka izany indrindra no antom-pisian'izao boky izao.



## 2. FAMARITANA NY ATAO HOE FIKAMBANANA SY IREO TOMBONTSOA METY HO AZON'IREO TANTSAHA

### Inona tokoa moa no atao hoe fikambanana?

- → Ny fikambanana día **vondron'olona maromaro fehezin'ny fitsipika iray izay niarahan'ny rehetra nanaiky. Manana tanjona iombonana ary mijery ny tombontsoa iraisana fa tsy misy olona tokony hitady tombontsoa manokana.**
- → Ny fikambanana dia mety ihany koa ho **fifanarahana eo amin'ny olona 2 na maromaro mifampizara ny fahalalana sy ny asa mba hanatratrarana tanjona itovizana.**
- → Ny fikambanana dia mety ihany koa ho **mpamokatra na mpamboly maromaro mitambatra ka mifampizara ny hevitra sy ny asa mba hanatratrarana tanjona itovizana** izay mety tsy ho tratra raha samy maka ho azy.

Noho izany, ny olona mitambatra anaty fikambanana día:

- → Tokony hitovy ny olana na ny tontolo iainana
- → Tokony hitovy ny tanjona na ny tombotsoa tratrarina
- → Tokony hisy zavatra hifampizarana: fahalalana, hevitra
- → Tokony hisy fiarahana: asa, fanapahan-kevitra

### Ireto avy ny tombotsoa mety ho azon'ireo tantsaha mivondrona anaty fikambanana:

- → Fanamorana ny fahafahana misitraka ireo hanam-pamokarana isan-karazany (Masomboly, zezika, fitaovana)
- → Fanamorana ny fahazoana fiofanana sy traik'efa
- → Fanamorana ny fahafahana mahazo famatsiambola (mpamatsy vola, banky na fanaovana tahiry iombonana)
- → Fiarahana mizaka ireo fandaniana amin'ny asa
- → Fanamorana ny fivarotam-bokatra sy fitadiavana lalambarotra
- → Fanamafisana ny fifanankalozana sy fifandraisana eo amin'ny samy tantsaha
- → Fiarovana mandrakariva ny tombontsoan'ireo tantsaha mpikambana

### Ireo fanontaniana mila hapetraka sy hananana valiny mazava dieny eny am-piandohana

- Inona izany no **TANJONA** ho tratrarina raha hivondrona?
- Inona no **ASA** miandry ny tsirairay sy ny fikambanana mba hahatongavana amin'io tanjona iraisana io?
- Inona avy ny **enti-manana** hanatanterahana ireo asa sy hanatrarana izany tanjona izany?
- Aiza sy ahoana no **ahitana** ireo enti-manana ireo?





### Tandremo Anefa !

Betsaka ankehitriny ireo manorina fikambanana mba hatao fitaovana fitadiavam-bola fotsiny, tsy misy tanjona na drafitr'asa mazava ka tsy mety mandroso fa miandry tolotra sy fanampiana mandrakariva. Raha tiana ho velona sy hiroborobo ny fikambanana dia tena zava-dehibe ny fametrahana ireo teboka voalaza etsy ambony ireo.

### Ny fikambanana dia tokony hanana ireto antotan-taratasy ireto

- Sata fototra maneho ny antompisiany sy ireo mpikambana ao aminy ary ny fomba fiasany.
- Fitsipika anatiny ahitana ireo fifampifehezana amin'ny fanatanterahana ny asa sy fanaovana ireo adidy amin'ny maha mpikambana.
- "Récepissé" (karampanondron'ny fikambanana): taratasy manamarina ny fijoroany ara-dalana (eo anivon'ny faritra)





### Ny maha zava-dehibe ny fitsipika eo amin'ny fiainan'ny fikambanana

Zava-dehibe eo amin'ny fandrosoan'ny fiainam-pikambanana ny fangaraharahan'ny fitantantanana. Apetrao miaraka hoe inona no fitsipika na fepetra mba hahafantaran'ny rehetra amin'ny fomba mangarahara ny fitantanana ny fikambanana.
Rehefa voapetrak'ireo mpamorona ny fikambanana ka mazava tsara ny antom-pisiany dia izay olona mihevitra fa mitovy tanjona sy fisainana aminy ihany no tokony ho iray fikambanana.
Izay olom-baovao te-hiditra dia tsy maintsy manaja sy manaraka ny fitsipik'ilay fikambanana.
Tsy voafetran'ny toerana niaviany ny mpikambana, izany hoe tsy voatery olona avy amin'ny tanàna iray, fa rehefa mitovy hevitra dia afa-miaraka na avy amin'ny tanàna samihafa aza.

# 3. IREO KARAZANA FIKAMBANANA SY IREO FOMBA FANANGANANA FIKAMBANANA AZY

### Ny fikambanana tsotra

Fikambanana olona napetraka mba hahafahana miasa; manana fitsipika hifampifehezana na tanjona iraisana fa tsy napetraka ho ara-panjakana (ohatra fikambanana miforona noho ny fahoriana eo an-tanàna).

### Ny fikambanana ara-panjakana

Fikambanana manana tanjona mazava tsara, manana fitsipika ifampifehezana ary mety ho efa nametraka ny antotan-taratasy momba azy ho ara-panjakana (ohatra fikambanan'ny mpampiasa rano). Tsara kokoa raha atsangana ara-panjakana ny fikambanana mba hisian'ny fahamatorana sy fifamatorana misimisy kokoa eo amin'ireo mpikambana ary hahafahana misitraka ireo tetikasa fampandrosoana maro isan-karazany.

### Raha ny karazany kosa dia ireto

**Fikambanana Fototra** *("GB: groupement de base", Association)* : miorina eny ifotony, mety ho eny anivon'ny fokontany na sektera, mety hahakasika sehatr'asa isank-karazany ary **fehezin'ny lalàna 60-133 momba ny fikambanana**

**Vovonam-pikambanana** *("OP : Organisation Paysanne, Union")* : Fikambanana fototra maromaro iray tanjona ary mivondrona no mandrafitra ny vovonampikambanana. Ny OP dia miavaka amin'ireo andraikitra napetraka aminy toy ny fanomezan' ireo tolodraharahara (services) ho an'ireo tantsaha mpikambana, tsy natao hitadiavam-bola fiarovana ny tombotsoan'ny mpikambana ao aminy; ary fisoloana tena ny mpikambana eo amin'ny sehatra lehibe kokoa. **Amin'ny maha vovonam-pikambanana azy dia fehezin'ny lalàna 60-133 ihany koa ny OP**

**Koperativa** : Karazam-pikambana mitodika bebe kokoa amin'ny fandraharahana sy fitadiavana tombom-barotra ary fanodinam-bola. **Nofehezin'ny lalàna 99-004 ny Koperative teo aloha ary ny lalàna 2023-16 izy ankehitriny**

## Ireto avy ireo dingana tokony arahina rehefa hanangana fikambanana

### Fikarakarana eny ifotony

→ Famantarana sy fifampiresahana amin'ireo tantsaha mitovy tanjona

→ Fametrahana ny komity mpanorina sy fanazavana momba ny fianampikambanana

→ Famolavolana ny fitsipika anatiny sy fanoratana azy amin'ny antsipirihany

→ Fankatoavana ny fitsipika anatiny

→ Fifidianana ireo tompon'andraikitra amin'ny alalan'ny fivoriambe

### Fikarakarana eny ifotony

→ Fanomanana ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fananganana ara-panjakana: lisitry ny mpikambana-taratasy fangatahana hanorina fikambanana

→ Sata fototra sy fitsipika anaty

→ Fametrahana dossie eny amin'ny Kaominina

→ Ampitaina mankany amin'ny Distrika ny dossier rehefa nahazo fankatoavana avy ao amin'ny kaominina ary eny anivon'ny Faritra avy eo mba hakana ny récepissé



# 4. RAFITRA FITANTANANA FIKAMBANANA

Anisan'ny fepetra lehibe indrindra takiana amin'ny fampandehanana ny fiainam-pikambana ny fametrahana sy fanajana ny rafitra. Misy karazany telo ny rafitra fitantanana fikambanana día: ny rafitra mpanampakevitra, rafitra mpamolavola sy mpanatanteraka ary ny rafitra mpanaramaso

## 4.1. Rafitra mpanapakevitra: fivoriambe

**Ny fivoriambe no rafitra voalohany mamelona ny fikambanana,:**

→ Amin'ny alalan'ny fivoriamben'ny mpikambana no andraisana ny fanapahankevitra rehetra
→ Ao anatin'ny fivoriambe no hanekena na hitsipahana fanapaha-kevitra iray
→ Ao anatin'ny fivoriambe no ifidianana ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny
→ Ao anatin'ny fivoriambe no hanaovana ny tatitra rehetra
→ Ao anatin'ny fivoriambe no hanekena sy hampiharana ny sata sy fitsipika mifehy ny fikambanana


**Noho izany:**

→ Ilaina ny fihaona sy ny fivoriana matetika mba hisian'ny fifandraisana sy ny serasera eo amin'ny samy mpikambana. Eo no anaovana ny fampitam-baovao sy fampitana ny traikefa raha toa ka tsy afaka nanatrika fivoriana na fiofanana ny rehetra.
→ Raketina an-tsoratra hatrany ny foto-kevitra nodinihina sy ny fanapahan-kevitra noraisina tamin'izany
→ Tokony ho faritana ny fotoana fivoriana sy fihaonana ataon'ny fikambanana.

**Ireto avy ireo Karazam-pivoriana tokony hatao:**

→ Fivoriambe fananganana
→ Fivoriana isam-bolana
→ Fivoriambe ara-potoana
→ Fivoriambe tsy arapotoana

## 4.2. Rafitra mpamolavola : birao  na “conseil d’ administration ‘’




| Andraikitra | Asa ataony |
|---|---|
| Ny Filoha | Tompon’andraikitra voalohany amin’ny fikambanana:<br>• Misolo tena ny Fikambanana amin’ny lafiny ara-panjakana<br>• Manetsiketsika ny fikambanana: manentana, mampita vaovao<br>• Manatsara ny fifandraisana eo amin’ny samy mpikambana sy any ivelany<br>• Mitarika fivoriana sy mizara andraikitra<br>• Manaramaso ny asa sy mandrisika ni tsirairay amin’ny fanefa-na adidy |
| Ny Filoha lefitra | Manampy ny filoha ary misolo toerana azy raha tsy eo an-toerana izy |
| Ny Mpitam-bola | Manoratra ny vola miditra sy mivoaka<br>Mitahiry ny vola<br>Mitazona ny bokim-bola sy rosia<br>Mihazona sy mitana an-tsoratra ny fitaovana rehetra |
| Ny mpanamarim-bola | Manamarina ny kaontin’ny Fikambanana<br>Mijery raha mifanaraka amin’ny drafitra ny fampiasana ny vola |
| Ny Mpitantsora-tra | Mitana an-tsoratra ny fivoriana syn y tapaky ny fivoriana<br>Mitahiry ny antontan-taratasy rehetra momba ny Fikambanana<br>Mandrafitra ny taratasy fiantsoana fivoriana<br>Mikarakara ny fivoriana |
| Ny Mpanolo-tsaina | Manoro hevitra raha misy olana<br>Manampy ny Mpikambana hahatakatra  sy hampihatra tsara ny fanapahakevitra noraisina |

**Ireto avy ny fomba fiasan'ny rafitra mpamolavola (birao na CA):**

→ Manao tolo-kevitra ho fampiodonana ny fikambanana ary mangataka fankatoavana amin'ireo mpikambana

→ Mampiantso sy mitarika fivoriana

→ Manao tatitra ny asa vita sy ny ara-bola

→ Mitarika amin'ny fanantaterahana ny asa mifanaraka amin'ireo hevitra tapaka tao anatin'ny fivoriambe



## 4.3. Rafitra mpanaramaso

Mba hisian'ny fitantanana mangarahara dia ilaina ny fametrahana rafitra mpanaramaso indrindra eny anivon'ny OP sy Koperativa. Izy ireny matetika no antsoina hoe « Commissaire aux compte (CC) » na « Mpanamarim-bola ». Ny asa iandreketan'izy reo dia :

→ Manaramaso ny fampiasana vola, fitaovana

→ Manao tatitra momba ny vola sy ny fitaovana

→ Manamafy ny fitantanana tsara ny vola miditra sy vola mivoaka

→ Mampahafantatra ireo mpikambana ny zavatra mety sy tsy mety atao amin'ny fitantanam-bola sy fitaovana

# 5. FAMPANDEHANANA NY FIAINAM-PIKAMBANANA

Misy teboka efatra lehibe tokony tanterahina mba hampandeha tsara ny fiainam-pikambanana.

### 5.1. Fanomezana fiofanana mikasika ireto lohahevitra ireto:

→ Ny andraikitrin'ny tsirairay sy ny fomba fiasan'ny rafitra
→ Fomba fitantanana ara-bola
→ Fitehirizana sy fikarakarana ny fitaovan'ny Fikambanana
→ Fandaminana fivoriana,fitanana antsoratra

### 5.2. Fanampiana sy fanarahamaso ny fanatanterahana ny Vina:

→ Famolavolana ny asa ho atao ao anatin'ny taona
→ Fankatoavana ny Vina amin'ny alalan'ny fivoriambe
→ Fanarahamaso ny fandrosoan'ny asan'ny fikambanana
→ Fanomanana tatitra mikasika ireo zava-bita
→ Fandinihana ny vontoatin'ny tatitra eo anivon'ny fivoriambe

### 5.3. Fandaminana ny enti-manana

Mba ahafahana manatanteraka ireo vina iombonana día ilaina ny fananana petra-bola eo anivon'ny fikambanana. Amin'ny alalan'ny latsak'emboka isan'ny mpikambana na fanaovana tahiry iombonana rehefa miaka-bokatra no ahafahana manao izany. Ny fikambanana tsirairay no mametra ny latsak'emboka na ahiry hatao arakaraka ny filana sy ny vinavina napetraka.
Farito mazava tsara izay mety ilaina mba hanatratrarana ny tanjona, na ara-pitaovana izany na ara-bola ary farito ihany koa ny fomba mety ahazahoana izany.

**Tsara ho fantatra**

Tsy maintsy hisy **karazan'asa vitsivitsy** mba hanatratarana ny tanjona.
Tokony hisy koa ny **fizarana andraikitra** ao anatin'izany. Mety ho vita **taona iray na maromaro** ny asa. Tsy tsara anefa mamaritra asa lavitra ezaka be fa alefa **miandalana ny dingana.**

## 5.4- Fampiasana ireo fitaovam-pitantanana ny fiainam-pikambanana

Zava-dehibe ny firaketana an-tsoratra ireo zavatra mándalo rehetra ao anaty fikambanana (fivoriana, fitaovana, vola, fitsidihina, sns) mba hampiaina azy sy hampangarahara ny fitantanana. Ireto misy santionany vitsivitsy amin'ireo fitaovam-pitantanana tokony hananan'ny fikambanana.

### *a. Kahie fitanana antsoratra ny fivoriana*

| Daty | Hevitra nodinihina | Hevitra tapaka | Fanamarihana | Isan'ny Tonga nivory |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |

### *b. Kahie fitanana antsoratra ny asa atao*

| Daty | Asa natao | Fanamarihana | Tompon'andraikitra | Isan'ny mpandray anjara |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |

### *d. Kahie fifandraisana*

| Daty | Mpitsidika | Anton'ny fitsidihina | Hafatra napetraka | Sonia/Fitomboka |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |

***e. Kahie fandraisana fitaovana sy fitantanana azy***

| Daty | Fitaovana | Isany | Sonian'ny Mpandray | Sonian'ny mpanolotra |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |

| Fitaovana | Isany | Olona nindrana | Daty nindramana | Daty hamerenana | Sonia | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| | | | | | | |

***f. Kahie fanarahamaso latsak'emboka sy fitantanana vola***

| Anarana | Vola voaray | Vola voaray | Vola voaray | Vola voaray | Vola voaray | TOTALY |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| | | | | | | |

| Daty | Fitaovana | Vola miditra | Vola mivoaka | Vola sisa | Sonia |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | | | | | |

### 5.5-Fampiroborobona ny fifaneraserana

Raha te hahomby amin'ny asany sy hikaroka ny tsara kokoa amin'ny fanatratrarana ny tanjona napetraka ny fikambanana dia tena zava-dehibe ny **fampivelarana ny fifandraisana**. Ireto avy ny ezaka tokony hatao ao anatin'izany:

→ Fanamafisana ny fifandraisana anatiny: fivoriana sy fifampikasohana matetika amin'ny samy mpikambana

→ Fanamafisana ny fifandraisana ivelany: eo anivon'ny fokontany, kaominina na faritra hafa

→ Amin'ireo mpiara miombon'antoka sy mpamatsy vola isan-karazany

Zava-dehibe amin'ny fampiroboroboana ny fianampikambanana tokoa manko ny fahaizana miserasera sy fitrandrahana vaovao mba:

→ Hahafahana manaraka ny fivoarany filan'ny tsena

→ Hampitombona ny fahalalana

→ Hahafahana mandray fanapahankevitra

Mety ho amin'ny alalan'ny **haino amanjery**, **petadrindrina** eny amin'ireo birao samihafa, **réseaux sociaux** na eny anivon'ny **fiarahamonina** koa no manampy amin'ny fampivelarana izany fifandraisana izany.

# 6. FAMPAHARETANA NY FIAINAMPIKAMBANANA

Ny tokony hatao mba hampateza sy hampatanjaka ny fikambanana :

## Hatsaraina ny maha izy azy ny fikambanana:

→ Fanatsarana ny fitsipika sy fampiharana azy
→ Fanajana ny zon'ny mpikambana
→ Fananana tanjona voarafitra mazava ary fantatry ny rehetra
→ Fiarahan'ny rehetra mandray fanapahankevitra
→ Fitsinjarana asa, fanomezana anjara mavitrika ny lahy, ny vavy, ny antitra, ny tanora
→ Fananana fidiram-bola vokatry ny asam-pikambanana na vokatry ny asan'ny tsirairay ho an'ny Fikambanana

## Hamafisina ny fahaizamanao ny fikambanana:

→ Fanatsarana ny fomba fiasa
→ Fampitomboana ny fahaizamanao ny mpikambana amin'ny fanarahana fiofanana
→ Fananana drafitr'asa mazava sy fomba fiasa mahomby amin'ny fanatanterahana ny asa
→ Fahatakaran'ny mpikambana rehetra tsara ny zavakendrena sy ny famolahana ny asa ataony ary fitsinjovana ny ho avy
→ Fanatsarana ny fomba fiasa sy ny fanitarana ny asa atao mba hampitombo ny vokatra
→ Fahafantaran'ny manodidina ny Fikambanana noho ny teknika ananany sy ny fahaiza-manao



## 7. OHATRY MIARA-MANDROSO : VOVONAM-PIKAMBANANA NOTOHANAN'NY TETITAKASA PROSOL AO AMIN'NY DISTRIKAN'NY MAHAJANGA II IZAY MISY FIKAMBANANA FOTOTRA 40 MAHERY ANKEHITRINY ARY MAMBRA MAHERIN'NY 1200



Fanamafisana ny asa fambolena sy fanatsarana ny vokatra azo



Faharetan'ny fikambanana Miara Mandroso sy fahaleovantena





Fiantohana ny fidiram-bola sy fampandrosoana ny tsenam-barotra



Fanatsarana ny tolotra sy ny fahazoana fitaovana famokarana

## Ireo Tolotra azon'ireo mpikambana amin'izao fotoana izao



**Fanamafisana ny fitantanana**, fanohanana ny tantsaha amin'ny fanoratana ara-dalàna sy amin'ny fanomanana antontan-taratasy isan-karazany



**Fahazoana tsena** : fanohanana amin'ny valin'ny tolotra famatsiana, fampifandraisana amin'ny sehatra tsy miankina (LFL, Seralacos group, Société Kalfane…)



**Fahazoana fitaovana famokarana** : fanitarana ny fivarotana fitaovana famokarana manakaiky ny tantsaha ho an'ny fidirana mora amin'ny lafiny famokarana



**Fanamafisana ny sehatry ny masomboly** : fanohanana amin'ny fanatsarana ny vokatra sy ny kalitaon'ny vokatra, ary fanofanana hanatsarana ny asa maha-mpamboly masomboly amin'ny alalan'ny fiombonambe (coopérative)

## Ny fanamby sy ny vinavina



## Ny fanamby sy ny vinavina



OP mandray ireo vokatra avy amin'ny PMS/GPS
(mpamokatra masomboly)




Kooperativa



Tsena manerana ny nosy sy isam-paritra

**IVONTOERAM-PIOFANANA SY FIVAROTANA**
*(Torohevitra, masimboly, vokatra fiarovana ny voly, fanampin-tsakafo ho an'ny biby fiompy, zezika, fitaovam-pambolena majinika,...)*




- Orinasa tsy miankina
- Mpamatsy fidiram-bokatra



- Fivarotan'ny OP
- Fivarotana tsy miankina

## Fizaràna ara-jeografia ny Ivontoeram-piofanana sy ara-barotra (UTC) ary ireo fivarotana famokarana



# FAMARANANA

Ho famintinana, dia voaparofo etoana ny andraikitra lehibe amin'ny fanatsarana ny sehapamokarana sahanin'ny fikambanana tantsaha. Rehefa mivondrona sy mifanohana ireo tantsaha, dia mahazo tombony maro eo amin'ny lafiny: fahaiza-mitantana, fahazoana tohana ary fifehezana ny tsena. Manampy betsaka amin'izany ny fanohanan'ny tetikasa ProSol ka nahafahan'izy ireo nanamafy ny fahaiza-mitantana sy ny fahaiza-mikambana amin'ireo tantsaha eto amin'ny Faritra Boeny. Koa anisan'ny tanjona lehibe noezahin'ity boky it notratrarina ny nanazava sy nampahafantatra bebe kokoa ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fiainampikambanana sy ny fomba fitantanana azy, mba ho entina mampiroborobo ny tontolo ambanivohitra sy ny asa famokarana eto amin'ny faritra Boeny, mba ho fitaratra sy azo ampiarina manerana ny Nosy!

| | ANARANA | DISTRIKA | FOIBE | MAILAKA | NOMERAO |
|---|---|---|---|---|---|
| OP | OP MIARA MANDROSO | Mahajanga II | Ambovondramanesy | opmiaramandroso@gmail.com | 034 13 696 26<br>034 85 435 39 |
| | OP FITAMINO | Katsepy | Katsepy | opfitamino@gmail.com | 032 62 473 41<br>032 31 707 94 |
| | OP MIARA MIZOTRA | Ambato Boeni | Tsaramandroso | opmiaramizotra@gmail.com | 033 03 791 09<br>032 67 273 61 |
| COOPERATIVE | FIRAISAN'ASA FIHARIANA (KOFIAFI) | Mahajanga II | Ambovondramanesy | Coopkofiafi@outlook.com | 038 15 448 61<br>034 59 350 63 |
| | TANTSAHA MANDROSO (KTM) | Katsepy | Katsepy | kaoperativatantsahamandroso@outlook.com | 034 48 929 14<br>032 52 416 72 |
| | SOAMIRINDRA (KSM) | Ambato Boeni | Tsaramandroso | kaoperativasoamirindra@gmail.com | 034 08 058 68<br>034 72 533 42 |

**Publié par :**
Deutsche Gesellschaft für
Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Projet de Protection et rehabilitation des Sols pour améliorer la sécurité alimentaire (ProSol)

**Autrice :**
Lantomalala Faliarisoa, Conseillère Technique en Service Agricole

**Rédactrice :**
Razafimbelo Robert Mihaingotiana Luz, Conseillère Technique en Gestion de Connaissances et Communication

**Editeurs :**
Marc Spiekermann, Chef Composante 3
Saholimananalintsoa Nelly, Chef Composante 2
Andrianjakanirina Henintsoa Rakotondrazaka, Conseillère Technique en Communication

**Responsable :**
Mien Abdoul Karim, Conseiller Technique Principal

**Mise en page :**
Andrianjakanirina Henintsoa Rakotondrazaka, Conseillère Technique en Communication

**Crédits illustrations :**
Copyright GIZ

**Crédit photo :**
AFDI

**Adresse :**
Enceinte SOANALA
Ambatobe Antananarivo

**Contact :**
PROSOL@giz.de